MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA

# IZANY KA ZATOVO VANONA

## LISEA SY KOLEJY




Rakitra Soa Iombonana



FNUD Fonds des Nations Unies pour la démocratie

UNDP Madagasikara

MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA

# IZANY KA ZATOVO VANONA

## LISEA SY KOLEJY

Rakitra Soa Iombonana



## Teny fampidirana

Ny kôlejy sy ny lisea no mandray anareo mpianatra mbola hanohy ny fianarana natomboka tany amin'ny ambaratonga fototra. Mpianatra ao anatin'ny maha-zatovo ary efa manomboka ny fahatanorana ianareo. Izany toerana misy anareo izany no tetezana mampifandray ny maha-ankizy sy ny maha-olon-dehibe. Eo no andaozanareo miandalana ny fiarahamonin'ny ankizy mba hidirana tsikelikely ao amin'ny fiarahamonin'ny olon-dehibe.

Fa amin'izao taona arivo fahatelo izao, amin'izao vanin'andron'ny fanatontoloana izao ary amin'izao fotoana iatrehantsika fanamby maro sady lehibe izao, zatovo toa inona no mifanandrify amin'ny filan'ny firenentsika, indrindra manoloana ny zon'ny olombelona sy ny adidy aman'andraikitry ny olompirenena?

Ireo fanontaniana ireo no antony namolavolana ity bokikely ity izay natao indrindra mba :

- hahafantaranareo mpianatra bebe kokoa ireo zo sy ireo adidy aman'andraikitrareo eo amin'ny tenanareo, eo anivon'ny ankohonana, ao amin'ny fiarahamonina, any an-tsekoly ary eo amin'ny firenena,
- hahazoanareo fahalalana bebe kokoa momba ny tanindrazana ary hahafantarana izay miseho any ivelan'ny firenena,
- hahafantaranareo ny maha-ratsy ny fidirana ao amin'ny sehatry ny asa raha mbola kely taona, ny voka-dratsin'ny asa mamoafady sy mampidi-doza, ny herisetra, ny fanambadiana sy fitondrana vohoka aloha loatra ary ny fanararaotana eo amin'ny lafin'ny firaisana ara-nofo ka hahaizanareo mitondra tena tsara, manaja ny tenanareo, misoroka ireo loza ireo ary miaro ny tenanareo manoloana izany,
- hahafantaranareo koa ny maharatsy ny paraky, ny toaka sy ny sigara indrindra fa ny rongony izay voasokajy ao amin'ny zava-mahadomelina.

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA

MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

# I- NY ZO SY ADIDIN'NY ZATOVO

## A. MANAN-JO AHO

Ny zo dia ny fahafahana na fahefana ananan'ny olona hanatanteraka na tsia zavatra na asa iray.

Ny zo koa dia izay zavatra azon'ny olona takina amin'ny fiarahamonina na amin'ny Fanjakana.

Noho izany ny zo dia tombontsoa azon'ny olona avy amin'ny fiarahamonina na ny Fanjakana ka ny lalàna no mametra azy.

### *1. Eo amin'ny tenako*


**Zoko ny hotsaboina** rehefa marary ka andraikitry ny ray aman-dreniko sy ny dokotera ny mikarakara ahy sy manara-maso ny toe-pahasalamako.

**Zoko ny hampiasa tanteraka ny hasina mahaolona ahy**, ny haranitan-tsaiko, ny talenta ananako ary ny feon'ny fieritreretako hahazoako mampivelatra ny tenako,

**Zoko ny hilalao** sy hiala voly,

**Zoko ny hanana nofinofy sy faniriana ary idealy** hotratrariko eo amin'ny fiainako,

Mba hiainako ao anaty fandriampahalemana dia **Zoko ny tsy hampijalina na hampiharana herisetra** (amin'ny alalan'ny fiteny, na fihetsika, ara-batana na ara -tsaina) ary zo harovana sy hovonjena eo anatrehan'ny herisetra sy ny fampijaliana).



# MANDALA VAKY BOKY

*Betsaka aminareo zatovo no fatra-pandany andro mijery televiziônina na video na mihaino radio. Mba fantatrareo ve anefa fa na ny fahafinaretana na ny fahalalana entin'ireny tantara na horonan-tsary fampahafantarana na fandaharana ireny dia mandalo fotsiny ? Mandalo satria tsy mba azo ajanona sy iverimberenana izy ireny fa rehefa lasa dia izay, hany ka sarotra tadidina.*

*Tsy mba tahaka izany anefa ny boky fa manaraka izay tiantsika hatao. Te hijanona kely dia afa-mijanona ! Te hiverina dia afa-miverina ! Te hanohy dia afa-manohy ! Te handalina dia afa-mandalina ! Sakaiza malemy fanahy mantsy, hono, ny boky ka manaiky hanatanteraka izay faniriantsika rehetra.*

*Maro karazana koa, ry zatovo, ny boky. Ao ny mirakitra tantara tena nisy, ao ny ahitana tantara noforonina, ao ny misy sary, ao ny soratra fotsiny. Misy ny amelabelaran-kevitra samihafa fa misy koa ny mitahiry tononkalo mampamelovelo. Misy ny boky natao hianarana fa betsaka koa ny natao ho fialam-boly. Fa ny tena mampiavaka ny boky, rankizy sy tanora, dia ity : na toa inona na toa inona karazany dia misy lesona sy fampianarana azo avy aminy foana.*

*Mora hita koa ny boky satria na ao an-trano, na any an-tsekoly, na any amin'ny tranomboky, na any amin'ny fivarotam-boky dia maro isafidianana. Koa sady afaka mividy na afaka mindrana.*

*Tsy mba mitaky fitaovana manokana koa ny boky, tsy mba mila herinaratra fa hazavana sy maso dia ampy.*

*Ny mpianatra rehetra àry dia tokony ho sakaizan'ny boky. Tsy azo sarahina amin'ny fandrantoam-pahaizana amam-pahalalana mantsy ny boky fa sady fototry ny fianarana no famenon'izay omen'ny mpampianatra. Manginy fotsiny àry amin'izay ny fahafinaretana azo eo am-pamakiana azy!*

*Hanin'ny saina ny boky, hoy Ravelojaona mpitandrina. Izany hoe raha tianao ho voky ny saina, raha tianao hitombo koa ny sainao dia mahereza mamaky boky.*

*Sady tsy mba mifidy toerana sy fotoana koa ange, ry zatovo, ny vaky boky e ! Na anaty trano na ankalamanjana, na eny an-jaridaina na any anaty fiara, eny fa na dia eo am-piandrasana ny fanombohan'ny rindran-kira na ny sarimihetsika aza dia afaka mamaky boky foana ianao. Tahaka izany koa na ny maraina vao mifoha, na ny alina alohan'ny hatoriana na mandritra ny andro dia tsy mba mandà ny boky.*

*Namana be fitiavana, ry zatovo, ny boky, ka tokony hotiavina koa. Koa raha mbola tsy nahare ny tsiron'ny boky àry ianao dia araraoty izao fialan-tsasatra izao. Mino aho fa ho raiki-pitia amin'ny boky ianao ka ho tonga mpandala vaky boky!*

*Dia mahazoa soa sy fahafinaretana àry e!*


**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

## *2. Eo anivon'ny ankohonana*

**Zoko ny hanana ankohonana ka hiaina ao anaty fiadanana sy filaminan-tsaina,**

**Zoko koa ny hotiavina sy hiaina miaraka amin'ny raiko, ny reniko sy ireo mpiray tampo amiko,**

**Zoko ihany koa ny hiteny, haneho hevitra, hanontany.**




"ZO HIAINA ANATY FIANAKAVIANA MILAMINA"

## *3. Any an-tsekoly*

**Zoko ny hahazo fampianarana manara-penitra** mifanaraka amin'ny fivelaran'ny saiko sy ny safidiko mba hanomanako ny hoaviko,

**Zoko ny mianatra fa tsy hikarama** raha mbola ankizy aho,


**andraikitry** ny ray aman-dreniko kosa ny miasa mamelona ahy.

Manimba ny fahasalamako ary misakana ny fivelarako mantsy ny miasa, mikarama mbola kely na tsy ampy fahaizana amam-pahalalana.

**Zoko ihany koa ny hiteny, haneho hevitra, hanontany** any an-dakilasy na eo anivon'ny fiarahamonina,

**Zoko ny hanohy fianarana na lahy aho na vavy**, na manan-karena na mahantra na koa manana fahasembanana,

**Zoko ny hamita ny fianarako ka tsy hanambady raha tsy efa feno taona** mba hahatongavako amin'ny tanjona iriko sy hahatrarako ny idealiko.




## *4. Ao amin'ny fiarahamonina*

**Zoko ny miteny, maneho hevitra, manontany** ao amin'ny fiarahamonina,

**Zoko ny misafidy izay finoana tiako harahina,**

**Zoko ny mifidy rehefa feno 18 taona** aho,

**Zoko ny mirotsaka ho mpikambana** anaty fikambanana



## MAHAY MIHAINO NY HEVITRY NY HAFA

*Betsaka tsy tambo isaina, ry Zatovo, ny olana mitranga na eo anivon'ny ankohonana na fianakaviana, na fiaraha-monina na firenena, indrindra moa fa eto amin'izao tontolo izao.*

*Ny ankamaroan'ireny olana ireny anefa tsy noho inona, fa vokatry ny tsy fahaizana na tsy fetezan'ny samy olombelona hihaino ny hevitry ny hafa.*

*Manoloana ny toe-javatra anankiray tokoa mantsy, ry Zatovo, dia samy manana ny heviny ny tsirairay. Eto indrindra àry no ilaina ny fahavononana hihaino ny hevitry ny hafa. Mihaino ny hevitry ny hafa àry ianareo raha toa ka mamela azy hilaza ny heviny. Tsy misy dikany anefa raha avelantsika hilaza ny heviny ny olona nefa isika tsy mihaino kosa izay ambarany.*

*Ny mihaino ny hevitry ny hafa àry dia midika koa hoe mandinika izay nambarany, manadihady izany, mijery ny fahamarinany sy ny fahadisoany, mandanjalanja azy. Izany fihainoana izany dia mety mitarika anao hanontany sy hangata-panazavana fanampiny amin'izay mbola maizimaizina na manjavozavo;*

*Farany, mihaino ny hevitry ny hafa ianareo Zatovo, raha manaiky izay ambarany rehefa resy lahatra amin'ny hatsarana na ny fahamarinan' ilay hevitra.*

*Izany fanekena izany dia mitarika anareo ho amin'ny fitadiavana ny marimaritra iraisana na amin'ny fahafoizana mihitsy ny hevitry ny tena.*

*Toe-javatra sarotra ekena nefa koa toetra maha-olompirenena vanona ny mihaino ny hevitry ny hafa. Sady antoky ny filaminana sy fandriampahalemana mantsy izany no antoky ny fandrosoana ihany koa.*

**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

# B. NY ADIDIN'NY ZATOVO

## Nefa...zo ihany ve no ananako amin'ny maha mpianatra ahy?

**Tsia !** Manana adidy sy andraikitra ihany koa aho eo amin'ny tenako, eo amin'ny ankohonako, eo amin'ny fiarahamonina misy ahy, eo anivon'ny sekoly ianarako ary eo amin'ny fireneko.

Ny **adidy** dia ny zavatra tokony hataon'ny olona tsirairay amin'ny mpiara-monina na amin'ny Fanjakana.

Ny **andraikitra** kosa dia izay zavatra tsy maintsy ataon'ny olona amin'ny mpiara-monina na ny Fanjakana.

Ny **zo** àry dia tsy maintsy mifamaly amin'ny **adidy** sy ny **andraikitra**.



**Koa inona avy àry ireo adidiko sy andraikitro?…**

### *1. Eo amin'ny tenako*

Adidiko ny **manaja ny hasina mahaolona ahy sy miaro ny tenako** tsy hoviravirain'ny hafa,

adidiko ny **manaja ny teny nomeko,**

adidiko ny **mitandro ny fahasalamako** sy **mangataka fitsaboana** raha marary,

adidiko ny **manao madio  isan'andro** alohan'ny hivoahako ny trano

adidiko ny **miaro ny tenako amin'ny loza samihafa** (loza voajanahary, vohoka lasa aloha, lozam-pifamoivozana, aretina, zava-mahadomelina)

adidiko ny **manaja ny mahamalagasy** ahy ka tsy hitomany randrana manendrika ny hafa.

### *2. Eo anivon'ny ankohonako*

Adidiko ny **manaja ny ray aman-dreniko sy ny mpiray tampo amiko** mba hanamafy ny fifankatiavana sy ny rindran'ny ankohonana,

andraikitro ny **mandray anjara amin'ny fanaovana raharaha ao an-trano** fa mamolavola ahy ho tompon'andraikitra izany saingy tsy tokony hanelingelina ny fianarako izany na misakana ahy tsy hilalao,

andraikitro ny **manaja ny fitsipika ifampifehezana ao an trano** fa izany no mampianatra ahy hahay hifehy tena,

adidiko ny **mifanakalo hevitra amin'ny mpiray ankohonana amiko** ka sady maneho ny hevitro aho no mihaino ny hevitry ny hafa,

adidiko ny **mitandrina ny fananana iombonana** ao an-trano.



## "MANAO RAHARAHA!"

*Toy ny orinasa kely ny tokantrano tsirairay ka ny fifarimbonan'ny mpianakavy no mampihodina azy. Misy asa maro tsy maintsy iaraha-misahana àry ao amin'izany tokantrano izany ka ireny asa ireny no atao hoe raharaha, ry zatovo.*

*Ireto no santionany amin'izany: fanadiovan-trano (fanasana, fiborosiana, famafana, fandaminana), karakara tokotany, sasa lamba, sasa lovia, fiantsenana, toto vary, tsaka rano, vaky kitay, sorona afo, nahandro sakafo, ...*

*Tsy vitan'olon-drery mazava ho azy ny hiandraikitra ireo asa maro ireo. Aza avela hilolоha rano folo siny àry i Neny fa ampio. Ry zatovo, porofoy amin'ny fitsimbinanareo ny harerahany ny fitiavanareo azy. Koa mandraisa anjara mavitrika ianareo araka izay mety ho vitanareo avy. Miaraha koa misalahy fa "Izay tsy mahay sobiky, hono, mahay fatram-bary".*

*Tsy mety tokoa mantsy raha sady "tsy hitery no tsy hihazon-janak'omby fa hisoroka ny herotra fotsiny". Izany hoe ny manao kamo be tenda e!*

*Mba hahefanao ny anjara raharahanao àry dia "manaova toa an-dRamiaramila: mifoha alohan'ny goaika, mahatsiaro alohan'ny fitatra". Mifohaza maraina fa ny "zoto, hono, andrahoana fa ny laina itonoana".*

*Dia fadio koa ny manao ala safay fa zary hanenenana. "Mitono manao mantamanta, mahandro manao lozodozotra, hoy ny Ntaolo, ka ny atao ihany no mankarary am-bavafo ! " Na dia amin'izay zavatra faran'ny kely aza, katsaho hatrany izay hahalavorary ny atao.*

*Tsarovy tokoa mantsy, ry zatovo, fa mora idirana ny fahazaran-dratsy fa sarotra ivoahana. "Izay entin-kely koa, hono mantsy, no entin-dehibe".*

*Farany, misikina herim-po sy fahazotoana ianareo zatovo, fa ratsy ny manao tahaka ilay kamo mandeha mindram-pangady ka mivoady anakampo hoe: "Aza mahita anie aho !"*

*Alao hery àry e!*

**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

### *3. Any an-tsekoly*

Andraikitro ny **mianatra tsara** : tsy manapatapaka, mianatra lesona, manao enti-mody, mitandrina ny fitaovam-pianarako,


adidiko ny **manaja ny mpampianatra** sy ny mpiara-mianatra amiko,

ny fananana iombonana ao an-tsekoly ary ny fitsipika ifampifehezana,

adidiko ny **manaja ny fitsipika ifanarahana** rehefa miara-milalao sy miara-monina amin'ny ankizy,

adidiko ny **mandray andraikitra** ao am-pianarana ka mirotsaka amin'ny fifidianana solontena na lehiben'ny lakilasy ary manaja ny vokatra amin'izany,

andraikitro ny **manaja ny fahamarinana,** tsy mandainga, tsy mangalatra sy tsy manao hosoka amin'ny fanadinana ary mitana ny teny nomeko.



## MAHAY MIANATRA

*Tsy vita ny any am-pianarana fotsiny, ry Zatovo, ny fianarana fa mila mianatra ihany koa any an-trano. Nefa izay fianarana izay dia mitaky fahaiza-mianatra ihany koa.*

*Samy hafa ny fomba fianarana ny taranja tsirairay. Ny lesona dia tsy hianarana fe ianarana tsianjery fotsiny fa fintinina sy ezahina no hahazoana azy.*

*Tsara àry raha toa ka vao tonga avy any an-tsekoly dia miana-desona. Ny maraina be koa anefa dia fotoana mety hianarana lesona. Koa matoria aloha mba hahafahana mifoha maraina mianatra lesona. Mangatsiatsiaka mantsy ny maraina ka mora miditra ny lesona amin'iny fotoana iny. Ny saina koa vao avy niala sasatra tamin'ny torimaso ka mora mitadidy.*

*Anisan'ny fahaiza-mianatra, ry Zatovo, ny fahaizana mandamina ny zavatra ianarana. Raha mianatra lesona ianao dia ny sarotra aloha ianarana, rehefa avy eo vao ny mora sy izay mahafinaritra. Mety ihany koa raha ny antonony aloha izay vao ny sarotra sy ny mahafinaritra. Azonao atao tsara ny miala sasatra 10 minitra isan'ora. Ny fahaizantsika mianatra no hitsarana antsika any amin'ny fanadinana.*

*Mahaiza koa misafidy toerana ianarana: ohatra toerana mangina be na misy mozika malefaka; toerana mazava sy mahazo rivotra tsara. Misy aminareo no tia mianatra eo ambony latabatra, ny sasany kosa eo ambony fandriana.*

*Farany tadidio fa tsy manakana ny fanaovan-draharaha ao an-trano ny fianarana.*
*Ny fahaiza-mandamina, hoy ny fitenenana, no entina miady !*

**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

### *4. Eo anivon'ny fiarahamonina*

Adidiko ny **manaja ny fitsipika** apetraky ny fiarahamonina,

adidiko ny **tsy manaiky ny fitaoman-dratsy** ataon'ny namako: fisotroan-toaka, fifohana sigara sy fihinana paraky, fidorohana zava-mahadomelina,

adidiko ny **manaja sy mikajy ny fahadiovan'ny efitrano** fianarana, ny sekoly ary ny tanàna onenako,

adidiko ny **mikaro-baovao** fa tsy miandry tolorana ary mizara izany amin'ny mpiara-belona amiko.

## “MANANA FANDEFERANA !”

*Ankalazain’ny Firenena Mikambana isaky ny 16 novambra ny Andro iraisam-pirenena ho an’ny Fandeferana.*

*Ny atao hoe fandeferana, ry Zatovo, dia ny fanekena tsy hampanjaka ny hambom-po na ny tombontsoan’ny tena eny fa na dia manana ny rariny aza.*

*Ny olona manana fandeferana mantsy dia mankamamy filaminana sy fandriampahalemana ka manao izay tsy isian’ny fifandirana sy fifandonana ao amin’ny fiarahamonina.*

*Manana fandeferana àry ianareo, Zatovo, raha manaiky tsy misy fepetra ny fahasamihafana ara-piaviana, ara-pinoana ary ara-pomba amam-panaon’ny mpiray sekoly sy mpiray tanàna aminareo.*

*Manana fandeferana koa ianareo raha manaiky fa voajanahary ny fisian’ny hevitra tsy mitovy ka tsy tokony hatao fototr’ady.*

*Ny Zatovo tia fandeferana koa dia tsy mba mamaly fihantsiana na mila ady sady tsy mila sotasota amin’ny vitsy an’isa fa mandray azy am-pirahalahiana.*

*Ny Zatovo tia fandeferana ihany koa dia tsy mba mizirizity amin’ny marina na rariny ananany. Tsy mba manao an-dolom-po izy fa mora mamela ny heloky ny namany.*

*Zava-tsoa ny fandeferana, rankizy. Ny olona mandala fandeferana mantsy dia olona malemy fanahy ka mandala fandriampahalemana, tia ny mpiara-belona aminy ka mikatsaka hatrany izay hisian’ny fiarahamonina milamina sy mirindra.*

*Koa irinao ve ny mba ho tompon-dakan’ny fandeferana? Manàna àry fo sy saina tony ka vahao amin’ny fifanakalozan-kevitra sy ny fifampiraharahana ny olana rehetra.*

*Aza atao misy tombo sy hala koa ny mpiara-mianatra sy mpiara-milalao aminao. Ataovy mitovy na lahy na vavy, na mpanana na mahantra, na mahay na tsy mahay, na tsara tarehy na ratsy tarehy ary na salama na sembana ara-batana.*

*Fa mba inona, hoy ianareo, Zatovo, ny valisoan’ny mpandefitra? Ny fahendren’ny Ntaolo no ndeha hindramina mba hamaly izany fanontaniana izany: “Lohalika sy laferana, hoy izy, ka izay mandefitra ihany no mandina”.*

*Meteza àry ianareo, ry Zatovo, ho laferana dia ho mandina mandrakariva! Ary tadidio koa fa “ny tsihy, hono, no fola-mandefitra fa ny olombelona tsy mba fola-mandefitra !”*

**NY FOIBEN’NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

### *5. Eo anivon'ny firenena*

Adidiko ny **mitandro sy mandala ny maha-Malagasy** ahy: ny tenindrazako, ireo soatoavina, ireo fomba amam-panao tsy mifanohitra amin'ny Zon'ny Olombelona, ireo vakoka malagasy,

adidiko ny **manaja ny saina sy ny hiram-pirenena** ary ho tia sy hirehareha amin'ny maha-Malagasy ahy,

adidiko ny **manaja sy mikolokolo ny fananana iombonana** (sekoly, trano sy biraom-panjakana, lalana sy tetezana, hopitaly, zaridaim-baohaka, toeram-pivoahana sy fidiovana , fanasan-damba, fantsakana, telefaonina, andrin-jiro, oniversite, tranom-bakoka, rova…),

adidiko ny **mamantatra ireo karazan'andrim-panjakana sy ny asany ary ny fifandraisany,**

Adidiko ny **manangom-pahalalana momba ny tany sy rafitra iraisam-pirenena,**

adidiko ny **manaja sy miaro ny tontolo iainana** manomboka ao antokantrano ka hatrany amin'ny fiarahamonina sy ny firenena.



## MAHALALA NY FIRAISAM-PIRENENA SY NY SOA ENTINY!

*Ny atao hoe firaisam-pirenena, ry Zatovo, dia ny fahatsiarovan-tenan'ny mponina ao amin'ny firenena iray fa fototra iray no niaviany, tany iray no onenany, tantara iray no niombonany, fitondrana iray no ankatoaviny, kolontsaina iray na dia maro lafy aza no itambarany ary toekarena iray no ivelomany.*

*Ho antsika Malagasy dia tsy tokony hisy olana io resaka firaisam-pirenena io satria nosy iray no onenantsika. Ny tanintsika rahateo moa tsy mba manana sisintany iraisana amin'olon-kafa.*

*Toraka izany koa ara-tantara dia efa nisy fanjakana niombonana teto amintsika talohan'ny nahatongavan'ny fanjanahantany.*

*Nony tonga koa ny mpanjanatany dia tsy mba nizarazara an'i Madagasikara ho firenena maro izy fa notazoniny io maha-firenena tokana antsika io.*

*Ankehitriny koa, ry zatovo, dia fantatrareo fa mbola fitondrana tokana no misy eto Madagasikara.*

*Iray tsy mivaky koa ny toe-karentsika ary tokana ny kolontsaintsika na dia mety miseho amin'ny endrika samihafa aza.*

*Zava-dehibe ny firaisam-pirenena, rankizy sy tanora, satria fototry ny fiarahan'ny Malagasy rehetra miasa hampandroso an'i Madagasikara, izany hoe ny fiaraha-mibanjina tanjona tokana dia ny soa iombonan'ny tanindrazantsika.*

*Ny firaisam-pirenena koa no ahatsapantsika samy Malagasy ho mpihavana ka mahatonga antsika hifankatia sady hifanampy sy hifamonjy indrindra rehefa misy voina mihatra amin'ireo mpiray tanindrazana amintsika.*

*Fa ny tena mahasarobidy ny firaisam-pirenena, ry zatovo, dia tsy mba andairan' ny ady an-trano ny firenena izay mandala azy.*

*Koa ndeha àry hotandrovantsika toy ny anakandriamaso ny firaisam-pirenena ka hotoherintsika sy hofoanantsika izay rehetra misakana azy tsy hanjaka eto amin'ny tanintsika.*

**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

## II. NY FIAROVANA NY ZON'NY ZATOVO

### A. IREO VOKA-DRATSIN'NY FAMPIKARAMANA ZATOVO

#### *1. Ara-tsaina*

a. **Fahapotehana ara-tsaina :** fahabadoana, tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra.

b. **Tsy fananana fahaizana manokana** entina miasa sy mivelona.

#### *2. Ara-batana*

a. **Fitsaharan'ny fitomboana :** vokatry ny fibatabatana entamavesatra (mpitaona vato sy biriky, mpantsaka rano, mpibata entana, mpanangon-tsira, mpitrandraka harena an-kibon'ny tany, mpitarika sarety).

b. **Vono :** ataon'ny mpampiasa na ny zanaky ny mpampiasa (mpiasa an-trano), ataon'ny mpanjifa na ny mpiaro azy ( mpivarotena).

#### *3. Ara-pahasalamana*

a. **Ratra :** tanana toro, tongotra tapaka (mpamaky vato)

b. **Aretina :** aretin-tratra (mpitaona biriky, mpamaky vato, mpitrandraka harena an-kibon'ny tany), aretim-piraisana toy ny angatra sy ny sida (mpivaro-tena, mpiasa an-trano), aretina vokatry ny orana sy ny hatsiaka ary ny masoandro migaingaina (mpanjono an-dranomasina).

d. **Takaitra :** fahatapahan-tongotra (mpitaona biriky, mpamaky vato, mpitrandraka harena an-kibon'ny tany), fahajambana vokatry ny hazavana (mpitrandraka sira), fahamombana noho ny fahapotehan'ny fitaovam-





pananahana (mpivarotena, mpiasa an-trano niharan'ny fanolanana).

e. **Fahafatesana** : vokatry ny fanalan-jaza (mpivarotena, mpiasa an-trano), vokatry ny fihotsahan'ny tany (mpitrandraka harena an-kibon'ny tany), vokatry ny faharendrehan'ny lakana na sambo (mpanjono an-dranomasina), fanotoan'ny omby (mpiaraka andro), Sida (mpivarotena).

*4. Ara-batana sy ara-tsaina*

a. **Fanolanana** : ataon'ny mpanjifa na ny mpiaro azy (mpivarotena), ataon'ny mpampiasa na ny zanaky ny mpampiasa (mpiasa an-trano).

b. **Vohoka tsy irina** : azo amin'ny asa atao (mpivarotena, mpiasa an-trano voaolana).

*5. Ara-panahy*

a. **Fahasimban'ny toe-panahy** : tsy fahalalana ny tsara sy ny ratsy, fahaverezan'ny hasina maha-olona, fandikan-dalàna.

b. **Figadrana:** vokatry ny fahatratraran'ny mpitandro filaminana (mpivaro-drongony na zava-mahadomelina hafa).

d. **Fanambakana :** karama, ora iasana.

*6. Antony ara-toe-karena*

a. **Tsy fisiana asa** : asa tokony ho an'ny olon-dehibe nefa ampanaovina ny zatovo.

b. **Vokatra tsizarizary.**

d. **Fahantrana :**

- Fahantran'ny ankizy miasa (karama vary masaka),
- Fahantrany rehefa lehibe (tsy fananana fototr'asa mahavelona),
- Fahantran'ny firenena (hakelezan'ny harin-karem-pirenena faobe.




## MAHALALA NY LALÀNA FAHA-138 MOMBA NY FAMPIASANA ANKIZY

*Ny lalàna, ry Zatovo, dia anisan'ny fitaovana sarobidy noho izy mandamina ny fiainan'ny fiarahamonina. Mikatsaka ny tombontsoan'ny olon-drehetra koa ny lalàna sady natao hiarovana ny sokajin'olona tsirairay koa.*

*Raha mikasika ny fampiasana anareo Zatovo àry dia ny Fifanarahana Iraisam-pirenena faha-138 no lalàna fototra iaingana. Nankato sy nanao sonia io Fifanarahana faha-138 io i Madagasikara ka tsy maintsy mampifanaraka ny lalàna malagasy amin'ny voarakitr'io Fifanarahana io.*

*Araka ny voalazan'io Lalàna io àry, ry Zatovo, dia tsy azo atao ny mampiasa ankizy latsaka ny 15 taona. Koa raha misy fanjakana mandika izany fepetra izany ka mampiasa ankizy 14 taona dia tsy maintsy manazava tsara ny antony anaovany an'izany izy.*

*Na dia afaka miasa aza anefa ny ankizy feno 15 taona, ry Zatovo, dia mbola voafetra koa ny asa azony atao. Misy mantsy sokajin'asa izay tsy ahazoana mampiasa ankizy latsaka ny 18 taona. Ao anatin'izany ireo asa mampidi-doza, na manimba fahasalamana na mamolavola toe-tsaina amam-pitondrantena ratsy ao amin'ny ankizy.*

*Koa tsara, ry Zatovo, ny ahalalanareo ny lalàna toa itony mba hiarovanareo ny tenanareo sy hiarovanareo koa ny namanareo.*

*Noho izany, aza tazonina ho anareo samirery ny fahafantarana izany fa zarao amin'ny namana ary lazao amin'ny ray aman-dreny koa. Amin'izay dia ho lasa zava-misy fa tsy nofinofy intsony ny teny filamatra hoe : "NY LEHIBE MIASA, NY ANKIZY ANY AN-TSEKOLY".*

**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

## B. IREO KARAZAN-DALANA MIARO NY ZATOVO

### *1. Lalàna iraisam-pirenena*

a. Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny Zon'ny Ankizy.
b. Fifanarahana faha-138 mametra ho 15 taona ny fe-taona farany ambany ahazoana mandray ankizy hiasa.
d. Fifanarahana faha-182 mandidy NY FANAFOANANA TSY MISY HATAKA ANDRO ireo Endrika Faran'ny Ratsy amin'ny Fampiasana Ankizy na ireo Asa mamoafady sy Mampidi-doza ampanaovina ny Ankizy.
e. Tanjon'ny taonarivo momba ny Fampandrosoana.
f. Tanjon'ny Fanabeazana Ho an'ny Rehetra.

### *2. L alàna malagasy*

a. Lalàmpanorenana malagasy tamin'ny 11 desambra 2010.
b. Fehezan-dalàna momba ny Asa.
d. Lalàna faha-2008-011 manoritra ny rafitry ny Fanabeazana sy Fampianarana ary Fanofanana eto Madagsikara.
e. Lalàna faha-2008/008 tamin'ny 25 jona 2008 momba ny fandrarana, ny fisorohana ary ny fanenjehana ny asa fampijaliana sy sazy na fitondrana feno habibiana, tsy manaja ny maha-olona ary mamery hasina.
f. Lalàna faha-2007-022 tamin'ny 22 aogositra 2007 momba ny fanambadiana izay mametra ho 18 taona ny taona farany ambany ahazoana manorin-tokantrano.
g. Lalàna faha-2007-023 tamin'ny 20 aogositra momba ny zon'ny ankizy sy ny fiarovana azy.
h. Lalàna faha-2007-014 momba ny fananganan-jaza.
i. Lalàna faha-2007-038 mameno na manova ny andininy sasany ao amin'ny Fehezan-dalana Famaizana momba ny fiarovana amin'ny fivarotana olona sy ny fizahan-tany mamoafady.
j. Didim-panjakana faha-2007-563 tamin'ny 03 jolay 2007 momba ny fampiasana ny ankizy.

## D. IREO MPIARO NY ZON'NY ZATOVO?

### *1. Rafi-piarahamonina*

a. Ny ray aman-dreny.
b. Ny fianakaviana.
d. Ny mpiara-monina.

### *2. Rafi-panjakana*


a. Ministera miadidy ny Fanabeazam-pirenena.
b. Ministera miadidy ny Fitsarana.
d. Ministera miadidy ny Fahasalamana.
e. Ministera miadidy ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sôsialy.
f. Ministera miadidy ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsôsilay.
g. Ministera miadidy ny Filaminam-bahoaka ...

### *3. Rafitra ivelan'ny fanjakana*

a. Ny fikambanana tsotra.
b. Ny fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana na ONG.

### *4. Ny rafitra iraisam-pirenena*

a. UNICEF.
b. FNUAP ...



## MAHALALA NY FIFANARAHANA FAHA-182 !

*Araka ny mety ho efa fantatsika, ry Zatovo, dia misy ny asa tsy azon'ny ankizy atao sady tsy azo ampanaovina ny ankizy mihitsy.*

*Voarakitra ao anatin'ny Fifanarahana faha-182 navoakan'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Asa izany karazan'asa izany. Koa ireny asa voarara ho an'ny ankizy ireny no antsoina hoe asa mamohehatra na mamoafady na mampidi-doza na koa endrika faran'ny ratsy amin'ny asa ampanaovina ny ankizy.*

*Anisan'ny asa mamohehatra àry, ry Zatovo, izay asa rehetra manana endrika fanandevozana na faneriterena. Tafiditra amin'izany ny fivarotan-jaza, ny fanompoana olona noho ny trosa, ny asa an-terivozona ary ny fampidirana ankizy ho miaramila any amin'ny tany miady.*

*Anisan'ireo asa mamoafady koa ny fivarotan-tena na fampivarotan-tena ny ankizy, ny fampanaovana azy sarimihetsika na fampisehoana mamoafady ahitana azy ankizy miboridana.*

*Toraka izany koa ny fampiasana ny ankizy amina asa voarara sy enjehin'ny lalàna tahaka ny famokarana, fanaparitahana na fivarotana zava-mahadomelina.*

*Farany dia voasokajy ho isan'ny asa faran'ny ratsy koa ka tsy azo ampanaovina ny ankizy ny asa manimba ny fahasalamany, na mety mitera-doza ho an'ny vatany na koa manimba ny toe-tsaina amam-pitondran-tenany.*

*Natao àry ny lalàna, ry Zatovo, mba hiarovana ny ankehitrininareo sy hitsinjovana ny hoavinareo. Natao koa izy ireny mba hanerena ankolaka ny ray aman-dreny hiahy sy hampianatra ny zanany. Farany, natao koa ny lalàna iraisam-pirenena mba hanairana sy hanentanana ny Fanjakana hikarakara sy hamolavola ary hanatsara ny rafi-panabeazana anareo Zatovo.*

*Ny tena zava-dehibe kendrena anefa, ry Zatovo, dia ny mba hitandrovanareo ny hasina maha-olona ananareo sy ny mba hahatonga anareo olom-banona amin'ny lafiny rehetra.*

**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA**
**HO OLOMPIRENENA ~ MEN**

## III. MADAGASIKARA TANINDRAZAKO

### A. NY TANINDRAZAKO

- Malagasy aho. Madagasikara no tanindrazako. Malagasy ny tenindrazako.
- Mahaleo tena ny Taniko hatramin'ny 26 Jona 1960.
- « Repoblikan' i Madagasikara » no anarany
- « Fitiavana, Tanindrazana, Fandrosoana » no Filamatra ijoroany.
- « Ry Tanindrazanay malala ô » no Hiram-pireneko.
- Ny Pasitera Rahajason no nanoratra ny tonony ary Norbert Raharisoa no nanao ny feony.

### B. NY HIRAM-PIRENEKO

**RY TANINDRAZANAY MALALA Ô**


1-Ry Tanindrazanay malala ô
Ry Madagasikara soa,
Ny fitiavanay anao tsy miala,
Fa ho anao, ho anao doria tokoa.
Fiv:
Tahionao, ry Zanahary
Ity Nosin-drazanay ity
Hiadana sy ho finaritra:
He sambatra tokoa izahay

2-Ry Tanindrazanay malala ô,
Irinay mba hanompoana anao
Ny tena sy fo, fanahy anananay
Zay sarobidy sy mendrika tokoa
Fiv:
Tahionao, ry Zanahary
Ity Nosin-drazanay ity
Hiadana sy ho finaritra:
He sambatra tokoa izahay

3-Ry Tanindrazanay malala ô,
Irinay mba hitahiana anao
Ka ilay Nahary izao tontolo izao
No fototra ijoroan'ny satanao.
Fiv (indroa):
Tahionao, ry Zanahary
Ity Nosin-drazanay ity
Hiadana sy ho finaritra:
He sambatra tokoa izahay

### D. NY SAINAM-PIRENEKO

Ny sainam-pirenena dia mari-pamantarana:
- ny maha-firenena an'i Madagasikara
- ny fahaleovantenany
- ny fiandrianany
- ny taniny



### *1. Ny lokony*

- **Fotsy**, Mena, Maitso no lokon'ny sainam-pireneko.


  Ny **Fotsy** mangatsakatsaka, manambara ny FAHADIOVANA sy ny FAHAMARINANA

  Ny Mena midorehitra milaza ny FITIAVAN-TANINDRAZANA sy ny FIANDRIANAM-PIRENENA

  Ny Maitso mivolon'ahitra maneho ny FANANTENANA RANAIVOSON Andrianome, mpiasa tao amin'ny Fiobe Taosaritany Malagasy no namorona azy.


### *2. Ny haben'ny faneva na sainam-pirenena*

Ny refin'ny mahitsizoro tsirairay fotsy, mena, maitso, izay mandrafitra ny fanevam-pirenena dia toy izao: indroan'ny Sakany ny Lavany.
(Lavany = Sakany X 2)




Ny refin'ny saina mivelatra dia roa ampahatelon'ny lavany ny sakany

$$S = \frac{(LX2)}{3} = \frac{1{,}5mX2}{3} = 1m$$




*- 2,70 m X 1,80 m: MINISTERA, DREN*
*- 2,10 m X 1,40 m: CISCO*
*- 1,80 m X 1,20 m: LISEA, KÔLEJY*
*- 1, 50 m X 1 m: SEKOLY FANABEAZANA FOTOTRA*

**Ireo dia refy tsy maintsy hajaina.**

## 3. Ny fombafomba arahina rehefa manangan-tsaina

### a) Tandremana tsy hirefarefa amin'ny tany ny faneva

- Trotroina eo ambony sandry roa no fitondra ny saina mbola mivalona
- Atao eo an-tsoroka ankavia kosa rehefa hampakatra azy mba tsy hikasi-tany

### b) Miatrana tsara ny mpanatrika rehetra

- Mijoro mahitsy tsara na mijaridina fa tsy misabaka
- Manatrika tsara ny saina ampakarina fa tsy miherikerika
- Atsotra manaraka ny vatana ny tanana fa tsy babena na atao eo amin'ny kibo
- Mangina tsara fa tsy miresaka na mihomehy na misangisangy
- Miala satroka sy tsy mielo
- Tsy mitsakotsako
- Mijanona mijaridina raha mandeha eny an-dalana

### d) Fananganan-tsaina

| DINGANA | BAIKO | VALINY | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|
| 1.ALOHAN'NY FAMPAKARANA NY FANEVAM-PIRENENA | HO AN'NY REHETRA ! ANOY TSARA ! JERY ATRIKA! | MIATRANA SY MILAHATRA TSARA NY REHETRA | MPIANATRA IRAY MIBAIKO MPIANATRA ROA MAMPIAKATRA NY SAINA EFA ATAO EO AN-TSOROKA HAVIA NY FANEVA FA TSY AVELA HIREFAREFA AMIN'NY TANY |
| | FANEVAM-PIRENENA ! | VONONA ! | ATAO REN'NY OLON-DREHETRA NY BAIKO SY NY VALINY |
| 2 .FAMPAKARANA NY FANEVAM-PIRENENA | AKARO ! | MAMPAKATRA NY FANEVA | AKARINA MIADANA NY FANEVA ARY TSY AJANONA RAHA TSY TAFAPAKA ENY AMIN'NY TAMPONY MANARAMASO NY FIAKARAN'NY SAINAM-PIRENENA |
| 3.REHEFA TAFAKATRA NY FANEVA | HIRAM-PIRENENA ! 1, 2, 3 ! | MIARA-MIREDONA NY HIRAM-PIRENENA | HIRAINA NY ANDININY TELO ANY AMIN'NY FARANY VAO AVERINA INDROA NY FIVERENANA |
| 4.AORIAN'NY FIREDONANA NY HIRAM-PIRENENA | AOKA ! | | ATSAHATRA NY JERY ATRIKA |
| | MIRAVA ! BARAKAY ! | MIRAVA NY MPILAHATRA | REHEFA VITA NY FAMPITAM-BAOVAO SY NY DINIDINIKA FANENTANANA |

**e) Fampodian-tsaina**

| DINGANA | BAIKO | VALINY | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|
| 1. ALOHAN'NY FAMPODIANA NY FANEVAM-PIRENENA | HO AN'NY REHETRA! ANOY TSARA! JERY ATRIKA ! | MIATRANA SY MILAHATRA TSARA NY REHETRA | MPIANATRA IRAY MIBAIKO, NY ROA MAMPODY! |
| 2. MANDRITRA NY FAMPODIANA NY FANEVAM-PIRENENA | FANEVAM-PIRENENA | VONONA! | |
| | AMPODIO ! | MAMPODY NY FANEVA | AMPODINA MIADANA NY FANEVA ARY TANDREMANA TSY HIREFAREFA AMIN'NY TANY. |
| 3. AORIAN'NY FAMPODIANA NY FANEVAM-PIRENENA | BARAKAY ! MIRAVA ! | MIRAVA | TSY HIRAINA INTSONY NY HIRAM-PIRENENA.<br>VAHANA NY FANEVA ARY AVALONA TSARA.<br>TROTROINA EO AMBONIN'NY SANDRY ROA REHEFA ATERINA ANY AMIN'NY TOERANY. |

## FANENTANANA

Ny fananganan-tsaina fanao any an-tsekoly, ny fiarahabana sainam-pirenena mandritra ny lanonam-panjakana ary ny fananganan-tsaina isan-tokantrano amin'ny vanin'andro lehibe toy ny fankalazana ny fetim-pirenena no anehoako sy anambaràko :

- fa tiako sy iraiketan'ny foko ary ireharehako ny Tanindrazako,
- fa miaina eo anivon'ny firenena mahaleotena sady manana ny fiandrianany aho ka sarotiny :
  - raha rovidrovitra na maloto na tonta na vasoka ny sainam-pirenena ao an-trano na any an-tsekoly na any amin'ny fokontany na any amin'ny kaominina na any amin'ny toeram-piasana,
  - raha misy olona tsy manaja ny sainam-pirenena.

## IREO DATY ANKALAZAINA

- **01 janoary** : Taombaovao
- **21 febroary** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny tenin-dreny
- **08 martsa** : Andro iraisampirenena ho an'ny vehivavy
- **22 martsa** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny rano
- **29 martsa** : Fahatsiarovana ny mahery fon'ny fitiavan-tanindrazana
- **07 aprily** : Andro maneran-tany momba ny fahasalamana
- **01 mey** : Fetin'ny mpiasa
- **03 mey** : Andro maneran-tany ho an'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety
- **31 mey** : Andro maneran-tany tsy ifohana sigara sy ihinanana paraky
- **Volana jona** : Volan'ny ankizy
- **05 jona** : Andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana
- **12 jona** : Andro maneran-tany iadiana amin'ny fampikaramana ankizy
- **16 jona** : Andron'ny ankizy afrikanina
- **26 jona** : Andro iraisam-pirenen'ny iadiana amin'ny fidorohana zava-mahadomelina
- **26 jona** : Andro ankalazana ny fetimpirenentsika isan-taona
- **11 jolay** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny mponina
- **12 aogositra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny tanora
- **08 septambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny fampianarana mamaky teny sy manoratra
- **21 septambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny fandriampahalemana
- **01 ôktôbra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny zokiolona
- **16 ôktôbra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny sakafo
- **16 novambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny fandeferana
- **20 novambra** : Andro iraisam-pirenena ho ho an'ny zon'ny ankizy
- **25 novambra** : Andro iraisam-pirenena ho fanafoanana ny herisetra atao amin'ny vehivavy
- **01 desambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny ady amin'ny SIDA
- **03 desambra** : Andro iraisam-pirenena natokana ho an'ny olona manana fahasembanana
- **09 desambra** : Andro iraisam-pirenena iadiana amin'ny kolikoly
- **10 desambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny olombelona
- **15 desambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny demokrasia
- **25 desambra** : Krismasy na Noely

## IV. NY ZATOVO SY NY ASA SAHAZA AZY

| TSANGANANY | TOETOETRANY | ASA SAHAZA AZY |
|---|---|---|
| **1- Miantehitra amin'ny zava-misy (Réaliste)** | • Voasariky ny zavatra ilain'ny fiainana andavanandro<br>• Mankafy ny asa mitaky fandrindrana ny fihetsika sy hakingana ara-batana<br>• Maniry hahita vokatra azo tsapain-tanana sy hita maso avy hatrany | • Mpandrafitra<br>• Mpanao trano<br>• Mpanao zaridaina<br>• Mpamboly<br>• Mpametraka fantson-drano |
| **2-Mpikaroka (Chercheur)** | • Tia miaina ao anatin'ny tontolon'ny hevitra<br>• Tia miasa amin'ny rafi-kevitra sy hevitra tsy azo tsapain-tanana<br>• Tia asa mahaleotena sy tsy mitaky fifandraisana amin'ny hafa<br>• Tsy manome lanja firy ny lafin'ny fampiharana amin'ny fiainana andavanandro | • Simista<br>• Fizisianina<br>• Biôlôzista<br>• Mpikaroka |
| **3- Mpanakanto (Artiste)** | • Mpamorona<br>• Mankafy zava-kanto, mozika, literatiora, teatira<br>• Miala amin'ny fanaraham-penitra ary mifototra amin'ny famoronana<br>• Tsy mianina amin'ny zavatra efa misy fa mamoron-java-baovao | • Mpihira, mpitendry zava-maneno<br>• Mpanao sary<br>• Mpandravaka trano<br>• Mpamorona lamaody<br>• Mpanoratra |
| **4- Mahay mifandray amin'ny mpiara-monina (Sociable)** | • Mifototra amin'ny fanampiana ny hafa<br>• Voasariky ny asa manampy ny fiarahamonina, ny fampianarana, ny fanoroan-dalana<br>• Miala amin'ny asa mitaky fampiasambatana na saina tafahoatra | • Psikôlôgy<br>• Mpitory Filazantsara<br>• Mpampianatra<br>• Mpitsabo mpanampy<br>• Mpanampy ny fiarahamonina |
| **5-Mpanorin-javatra (Entreprenant)** | • Matoky tena, mpanjakazaka, zatra fahombiazana<br>• Manatanteraka tetikasa vaovao sady tsy manana fisalasalana na ahiahy<br>• Mahay miresaka sy mandresy lahatra<br>• Manana fironana amin'ny asa fitantanana | • Mpitantana indostria<br>• Mpivarotra<br>• Mpanao pôlitika<br>• Mpamoron-javatra |
| **6- Mpankato rafitra sy lalàna (Conventionnel)** | • Tia ny asa milamina, tsy mirotoroto ary mifototra amin'ny fahazarana<br>• Manaja tanteraka ny fenitra sy ny fahefan'ny lehibeny<br>• Mamita ny asany ara-potoana sy araka ny nifanarahana | • Mpitana kaontim-bola<br>• Mpandray vola<br>• Mpiasam-birao<br>• Mpitantana tranom-boky |

## V. IREO HIAKANTSIKA ZATOVO

**TSIA !**
HO AN'NY FAMPIKARAMANA IREO TSY AMPY TAONA!

**TSIA !**
HO AN'NY ASA MAMOAFADY SY MAMPIDI-DOZA AMPANAOVINA NY ANKIZY!

**TSIA !**
HO AN'NY HERISETRA ARA-BATANA SY ARA-TSAINA!

**TSIA !**
HO AN'NY FAMPANAMBADIANA ALOHAN'NY FOTOANA!

**TSIA !**
MANOLOANA NY FAMPIVAROTAN-TENA!

**TSIA !**
HO AN'NY FANAVAKAVAHANA IREO MANANA FAHASEMBANANA!

**TSIA !**
HO AN'NY FANAVAKAVAHANA NY VEHIVAVY!

**TSIA !**
HO AN'NY FIDOROHANA ZAVA-MAHA-DOMELINA!



# VI. TSANGANAN'NY ZATOVO NAHAVITA NY AMBARATONGA FAHAROA

## A. ZATOVO MIANATRA : « Izay adala no toa an-drainy »

### *1. Manam-pahalalana*

a) Vontoatin'ny fandaharam-pianarana,
b) Mahalala ny fireneny : rafitra, tantara, jeôgrafia (otrikarena), soatoavina, adidy, zo, andraikitra, demôkrasia.

### *2. Manam-pahaizana*

Mampiasa ny fahalalana ananany

a) Hanatanterahana asa,
b) Hamoronana harena,
d) Hamahana olana,
e) Hanovana ny zavaboaary,
f) Hamoronana zava-baovao.

## B. ZATOVO OLOM-BANONA SY MENDRIKA

### *1. Mandray andraikitra, manao adidy (tsy variana amin'ny lamaody sy zavakanto ary fialamboly)*

### *2. Mandala ny soatoavina malagasy sy demôkratika*

### *3. Mandala ny Zon'ny Olombelona*

### *4. Tia tanindrazana*

a) Soa iombonana / Fananana iombonana
b) Mikatsaka ny soa iombonana
d) Manaja ny fananana iombonana
e) Mampiasa ny talenta ananana ho tombontsoan'ny firenena (zavakanto, spaoro)

### *5. Mahay miara-monina amin'ny rehetra*

a) Mpampianatra
b) Namana
d) Fiarahamonina
e) Ray aman-dreny

**Manaja ny hasina mahaolona sy ny fahamendrehan'ny tenany sy ny an'ny hafa**

**Manaja ny teny nomena**

**Mandala ny fahamarinana**

**Mahay mandanjalanja**

**Manana fijery tsy miangatra na miandany**

**Mahery fo**

**Mavitrika**

**Mikiry sy mahery miasa**

**Mahay miara-miasa amin'ny hafa**

**Mahay mandamina ny zavatra ataony**

**Mitandrina fatratra ny adidy aman'andraikiny**

**Manana fandeferana**

**Manohitra ny fampiasan-kery**

**Antra olona**

**Mandray andraikitra**

**Zatra mamoron-javatra**

**Manana idealy sy nofinofy**

**Manana toe-tsaina mikendry vokatra**

**Mikatsaka ny tsara indrindra hatrany**

## Fantatrao ve ny momba anao ?

| |
|---|
| - Inona no tianao indrindra amin'ny tenanao ? |
| - Te ho lasa inona ianao rehefa lehibe ? |
| - Inona no kilalao tianao indrindra ? |
| - Fantatrao ve ny hevitry ny anaranao ? |
| - Rehefa maninona ianao no sambatra ? |
| - Inona no tianao ho bebe kokoa eo amin'ny fiainanao ankehitriny? |
| - Inona no antenainao eo amin'ny fiainana indray andro any ? |
| - Inona no mba tianao hatao amin'ny mpiara-belona aminao ? |
| - Inona no tianao hahatsiarovan'izao tontolo izao anao rehefa tsy eny intsony ianao ? |

## Fizahan-takila


FIZAHAN-TAKELAKA 03
FAMPIDIRANA 04
I - NY ZO SY ADIDIN'NY ZATOVO 05
A. MANAN-JO AHO 05
1. EO AMIN'NY TENAKO 05
2. EO ANIVON'NY ANKOHONANA 07
3. ANY AN-TSEKOLY 07
4. AO AMIN'NY FIARAHAMONINA 08
B. NY ADIDIN'NY ZATOVO 10
NEFA...ZO IHANY VE NO ANANAKO AMIN'NY MAHA- MPIANATRA AHY? 10
KOA INONA AVY ÀRY IREO ADIDIKO SY ANDRAIKITRO?… 11
1. EO AMIN'NY TENAKO 11
2. EO ANIVON'NY ANKOHONAKO 11
3. ANY AN-TSEKOLY 13
4. EO ANIVON'NY FIARAHAMONINA 15
5. EO ANIVON'NY FIRENENA 16
II - NY FIAROVANA NY ZON'NY ZATOVO 18
A. IREO VOKA-DRATSIN'NY FAMPIKARAMANA ZATOVO 18
B. IREO KARAZAN-DALANA MIARO NY ZATOVO 21
D. IREO MPIARO NY ZON'NY ZATOVO? 22
III - MADAGASIKARA TANINDRAZAKO 24
A. NY TANINDRAZAKO 24
B. NY HIRAM-PIRENEKO 24
D. NY SAINAM-PIRENEKO 24
IV - NY ZATOVO SY NY ASA SAHAZA AZY 29
V - IREO HIAKANTSIKA ZATOVO 30
VI - TSANGANAN'NY ZATOVO NAHAVITA NY AMBARATONGA FAHAROA 31

conception Harson development hardev@moov.mg

OEMC/MEN
oemc_men@yahoo.fr
www.oemc-men.mg